
**Nataon'ny Filoha**
**Thomas S. Monson**



# Fitia ao An-tokantrano—

## TOROHEVITRA AVY AMIN'NY MPAMINANINTSIKA

### Fiainam-pianakaviana Voatahy

"Rehefa niaina zavatra maro teto amin'izao tontolo izao isika, sy nahita fa ny ankamaroan'ny zavatr'izao tontolo izao dia tena mandalo ary indraindray ankosotra dia mitombo hatrany ny fankasitrahantsika noho ny fananantsika tombontsoa ho isan'ny ao anatin'ny zavatra iray azontsika ianteherana—ny tokantrano sy ny fianakaviana ary ny fahitsim-po aman-tsain'ireo olon-tiana. Isika dia lasa mahafantatra ny dikan'ny hoe voafatotra miaraka noho ny adidy, ny fifanajana, ary ny fiombonana. Mianatra isika fa tsy misy afaka manolo ny toeran'ny fiainam-pianakaviana voatahy."[1]

### Mizara ny Fitiavantsika

"Fihino sy omeo fankasitrahana ny zanakao. Lazao azy matetika hoe: 'Tiako ianao.' Manehoa foana fisaorana azy. Aza avela velively hisy olana iray mila vahana ho lasa manan-danja kokoa noho ny olona iray mila tiavina. Mandalo ireo namana, mihalehibe ny ankizy ary mandalo fahafatesana ireo hava-tiana. Mora ny mieritreritra hoe ho eo foana ny hafa, mandrapahatongan'ilay andro izay hialan'izy ireo eo amin'ny fiainantsika ary dia tavela eo isika miaraka amin'ilay fahatsapana hoe 'raha toa moa ka' na 'inay anie.' . . .

"Ndeha hankafizintsika ny fiainana rehefa miaina izany isika, sy mikatsaka hafaliana mandritra ilay dia ary mizara fitiavana amin'ireo namana sy fianakaviana. Indray andro any dia tsy hanana ampitso intsony isika tsirairay. Aoka mba tsy ho hamaivanintsika ireo zavatra manan-danja indrindra."[2]

### Mampiseho ny Fitiavantsika

"Ry rahalahy, aoka isika hitondra ny vadintsika amim-pahamendrehana sy amim-panajana. Mpiara-dia amintsika mandrakizay izy ireo. Ry rahavavy, hajao ny vadinareo. Mila maheno teny mamy izy ireo. Mila tsiky feno fitiavana izy ireo. Mila fanehoana ilay tena fitiavana avy amin'ny fo izy ireo. . . .

"Ho anareo izay ray aman-dreny, hoy aho hoe: manehoa fitiavana amin'ny zanakareo. Fantatrareo fa tianareo izy ireo, kanefa ataovy izay ahafantaran'izy ireo tsara izany. Sarobidy tokoa izy ireo. Ampahafantaro azy ireo izany. Mangataha fanampiana amin'ny Rainareo any An-danitra rehefa mikarakara ny zavatra ilain'izy ireo isan'andro ianareo sy miatrika ireo fanamby amin'ny maha-ray aman-dreny izay tsy azo ihodivirana. Mila mihoatra noho ny fahendrenao manokana ianao mba hitaizana azy ireo."[3]

### Manambara ny Fitiavantsika

"Ho anareo ray aman-dreny, ambarao amin'ny zanakareo ny fitiavanareo azy. Mivavaha ho azy ireo mba hahafahany manohitra ireo zava-dratsin'izao tontolo izao. Mivavaha mba hitombo ny finoan'izy ireo sy ny fijoroana ho vavolombelon'izy ireo. Mivavaha mba hananany fiainana feno hatsarana sy fanompoana ny hafa.

"Rankizy, ampahafantaro ny ray aman-dreninareo fa tianareo izy ireo. Ampahafantaro azy ireo ny halehiben'ny fankasitrahanareo tamin'ny zava-drehetra nataon'izy ireo sy izay mbola hataon'izy ireo ho anareo."[4]

### Ny Zavatra Tena Manan-danja Indrindra

"Ny zavatra tena manan-danja indrindra dia saika misy fandraisan'ireo olona manodidina antsika anjara hatrany. Matetika isika no mihevitra fa tsy *maintsy* efa fantatr'izy ireo ny halehiben'ny fitiavantsika azy ireo. Kanefa tsy tokony hihevitra zavatra ao an-tsaina velively fotsiny isika fa tokony hampahafantatra izany azy ireo. Nanoratra i William Shakespeare.hoe: 'Ireo izay tsy maneho ny fitiavany dia tsy 'manam-pitiavana'. Tsy hanenenantsika velively ny teny feno hatsaram-panahy nambara na ny fitiavana naseho. Isika aza no hanenina raha toa ka esorina tsy ho ao anatin'ny fifandraisantsika amin'ireo olona izay tena manan-danja amintsika izany."[5]

### Mitondra ny Lanitra ho Akaikikaiky Kokoa

"Enga anie ho heniky ny fitiavana ny fianakaviantsika sy ny tokantranontsika: fifankatiavan'ny tsirairay, fitiavana ny filazantsara, fitiavana ny namana, ary fitiavana ny Mpamonjy antsika. Vokatr'izany, dia hanakaiky kely kokoa ny tany ny lanitra.

"Aoka isika hanao ny tokantranontsika ho toerana masina ka ho te-hiverina ao foana ireo olona ao amin'ny fianakaviantsika."[6]

### Vavaka ho an'ny Fianakaviantsika

"Noho ny fanafihana ny rafitry ny fianakaviana eto amin'izao tontolo izao ankehitriny sy noho ny faniratsirana ireo zavatra noraisina ho masina hatrizay, dia mangataka Aminao izahay, Ry Rainay ô, mba hanampy anay hahay hiatrika ireo fitsapana izay atrehanay, mba hahafahanay hijoro ho mafy orina ao amin'ny fahamarinana. Enga anie ny tokantranontsika ho toerana ahitana fiadanana sy fitiavana, ary aim-panahy."[7]

**FANAMARIHANA**

1. "A Sanctuary from the World," *Worldwide Leadership Training Meeting,* Feb. 9, 2008, 29.
2. "Joy in the Journey" (Brigham Young University Women's Conference, Mey 2, 2008), http://ce.byu.edu/cw/womensconference/archive/transcripts.cfm.
3. "Abundantly Blessed," *Liahona,* Mey 2008, 112.
4. "Mandrampihaonantsika Indray," *Liahona,* Mey 2009, 113.
5. "Mahita Fifaliana ao anatin'ilay Dia," *Liahona,* Nôv. 2008, 86.
6. "A Sanctuary from the World," 30–31.
7. Vavaka fanokanana ny Tempolin'i Gila Valley Arizona tamin'ny 23 Mey 2010; ao amin'ny "The Gila Valley Arizona Temple: 'Wilt Thou Hallow This House,'" *Church News,* Mey 29, 2010, 5.

### FAMPIANARANA AVY AMIN'ITY HAFATRA ITY

"Mandritra ny fanaovana fifanakalozan-kevitra, dia manolotra fanontaniana na toe-javatra iray ny mpampianatra ary manome ny mpianatra ampaham-potoana fohy mba hanolorana malalaka vahaolana na hevitra" (*Teaching, No Greater Call* [1999], 160). Rehefa mamaky ity lahatsoratra ity miaraka amin'ilay fianakaviana ianao dia angataho izy ireo mba hihaino ireo torolalana na hevitra izay manaitra azy ireo. Avy eo ny olona ao amin'ny fianakaviana dia afaka mifanakalo hevitra mba hahitana fomba hampitomboana ny fitiavana ao an-tokatranon'izy ireo. Asao ilay fianakaviana mba hamerina handinika ireo hevitra ireo mandritra ny takarivan'ny mpianakavy manaraka.

## HO AN'NY TANORA

## Novonjen'i Neny Izahay

**Nataon'i Patricia Auxier**

Fony aho enin-taona, dia nijery ny 'zokinay' vavy nilalao basketball izaho sy ny zandriko vavy. Nandeha nody ny dadako, ary dia nanapa-kevitra izahay ny hiara-hody aminy, ka dia nihazakazaka nanenjika azy tao anatin'ny orana. Rehefa tsy hitanay izy, dia niverina tany amin'ilay trano fanaovana fanatanjahantena izahay mba hiara-hody amin'ny reninay, saingy tamin'ny fotoana nidiranay tao amin'ilay trano fanaovana fanatanjahantena dia efa lasa daholo ny olona rehetra tao.

Tadidiko tsara izahay nitampify teo amin'ny tolana manodidina ny varavarana, niezaka niaro ahy sy ny zandriko vavy tsy ho lenan'ny orana, ary nivavaka mba hisy olona ho tonga. Dia tsaroako aho nandre ny feon'ny varavaran'ny fiaranay menamena mikatona, ary dia nandeha nihazakazaka nankany amin'izay niavian'ilay feo izahay. Avy teo dia nitranga ilay fahatsiarovana tena niavaka

indrindra tamin'ny fahazazako: ny reninay izay namihina anay tamin'ny sandriny "toy ny reniakoho manangona ny zanany eo ambany elany" (3 Nefia 10:4). Novonjen'ny reninay izahay, ary tsy mbola nahatsapa ho voaro kokoa noho ny tamin'io fotoana io aho hatramin'izay.

Rehefa mieritreritra ny fiantraikan'ny herin'ny fitarihany teo amiko aho, dia hitako fa ny fiainan'ny reniko dia nampifantoka ahy tany amin'ny Mpamonjy ary nampiseho ahy ny dikan'ny hoe "[mampiakatra] ny tanana izay miraviravy ary [mampatanjaka] ny lohalika malemy" (F&F 81:5). Niantehitra tamin'i Jesoa Kristy izy, izay nanome azy hery "mihoatra ny heri[ny] manokana" ("Seigneur Je te suivrai," *Cantiques,* no. 141).

## HO AN'NY ANKIZY

### Manorina Tokantrano Feno Hafaliana

Ny Filoha Monson dia nanoro fomba ahafahantsika manorina tokantrano feno hafaliana. Vakio ny lahatsoratra mba hahitanao sy ny fianakavianao zavatra izay azonao atao mba hanorenana tokantrano feno hafaliana.

Isaky ny mahita zavatra iray azonao atao ianao, dia soraty izany. Mitadiava fomba dimy farafahakeliny ahafahanao manorina tokantrano feno hafaliana ary manaova sarin-trano iray miaraka amin'ny fianakavianao ao anatin'izany.

© 2011 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta teto Madagasikara. Fankatoavana ny teny Anglisy: 6/10. Fankatoavana ny fandikana: 6/10. Fandikana ny *First Presidency Message, August 2011*. Malagasy. 09768 654

# Fikambanana Iray ho an'ny Vehivavy Masina

*Halalino ity hafatra ity ary raha ilaina dia ifanakalozy hevitra miaraka amin'ny rahavavy izay vangianao. Ampiasao ireo fanontaniana mba hanampy anao hampatanjaka ireo rahavavy sy hahatonga ny Fikambanana Ifanampiana hanana toerana lehibe eo amin'ny fiainanao.*

**Finoana • Fianakaviana • Fanampiana**

I Eliza R. Snow filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany faharoa, dia nampianatra hoe: "I Paoly Apôstôly fahiny dia niresaka momba ny vehivavy masina. Andraikintsika tsirairay avy ny ho tonga vehivavy masina. Mila manana tanjona avo lenta kokoa isika, raha toa ka vehivavy masina. Hahatsapa isika fa voantso hanatanteraka adidy manan-danja. Tsy misy afa-miala amin'izany. Tsy misy rahavavy mitokantokana loatra izany, na voafetra loatra ny fahafahany mivelatra fa afaka manao zavatra goavana amin'ny fananganana ny Fanjakan'Andriamanitra eto an-tany izy."[1]

Ry Rahavavy, tsy mitokantokana izany ianareo na hoe voafetra ny fahafahanareo mivelatra. Amin'ny alalan'ny fanekena ny fanomezam-pahasoavan'ny fahazotoana miasa ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana, no mahalasa antsika ho tafiditra ao anatin'ilay nofaritan'ny Mpaminany Joseph Smith hoe fikambanana izay "manalavitra ny zava-dratsy rehetran'izao tontolo izao—miavaka, feno hatsarana sy masina".[2]

Ity fikambanana ity dia manampy antsika hanamafy orina ny finoantsika sy hampivoatra antsika ara-panahy amin'ny alalan'ny fanomezana antsika fahafahana mitarika sy manompo ary mampianatra. Hiampy zava-baovao ny fiainantsika rehefa manao asa fanompoana isika. Mivoatra ara-panahy isika, ary mitombo ny fahatsapantsika ilay fiombonana sy ny maha-izy azy antsika ary ny lanjan'ny tenantsika manokana. Tsapantsika fa ny tena tanjon'ny drafitry ny filazantsara dia ny hanomezana antsika fahafahana manatratra ilay hery faratampony ananantsika.

Ny Fikambanana Ifanampiana dia manampy antsika hiomana handray ireo fitahian'ny tempoly, sy hanaja ireo fanekempihavanana ataontsika, ary hanolo tena hanao ny asan'i Ziona. Ny Fikambanana Ifanampiana dia manampy antsika hampitombo ny finoantsika sy ny fahamarinan'ny tena manokana, sy hampatanjaka ny fianakaviana, ary hitady sy hanampy ireo sahirana.

Ny asan'ny Fikambanana Ifanampiana dia masina, ary ny fanaovana asa masina dia miteraka fahamasinana ao anatintsika.

***Silvia H. Allred, mpanolotsaina voalohany ao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany.***

## *Avy amin'ny Soratra masina*

Eksodosy 19:5; Salamo 24:3–4; 1 Tesaloniana 4:7; Titosy 2:3–4; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:24; 46:33; 82:14; 87:8; Mosesy 7:18

## *Avy amin'ny Tantarantsika*

Raha niresaka tamin'ireo vehivavin'ny Fikambanana Ifanampiana tao Nauvoo ny Mpaminany Joseph dia nanantitrantitra ny fahamasinana, ary nanazava fa rehefa madio sy masina ireo rahavavy, dia hanana hery mitarika miavaka eo amin'izao tontolo izao. Nanazava izy hoe: "Ny halemem-panahy, ny fitiavana, ny fahadiovana—ireo no zavatra izay tokony hanandratra anareo. . . . Ity Fikambanana ity . . . dia hanana hery hibaiko ireo mpanjakavavy eo anivony. . . . Ny mpanjaka sy ny mpanjakavavy eto an-tany dia handeha ho an'i Ziona, ary haneho ny fanajan'izy ireo." Ny rahavavy ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana izay miaina ny fanekempihavanan'izy ireo dia tsy hoe ho hajain'ny olona ambony fotsiny ihany, fa "raha toa ianareo ka mampiasa araka ny tokony ho izy ireo tombontsoanareo," dia nampanantena ireo rahavavy i Joseph fa "tsy ho hain'ireo anjely ny tsy hiara-dia aminareo."[3]

Rehefa nandray anjara tamin'ny asa fanompoana sy famonjena ny

ħafa ireo rahavavy, dia lasa masina izy ireo. I Lucy Mack Smith, renin'ny Mpaminany, dia nizara ireo zavatra tsara azon'ny Fikambanana Ifanampiana tanterahana: "Tsy maintsy mifankatia isika, mifampiahy, mifankahery mandray torolalana, mba hahafahantsika rehetra hiarahipetraka any an-danitra."[4]

**FANAMARIHANA**

1. Eliza R. Snow, "An Address," *Woman's Exponent,* Sept. 15, 1873, 62.
2. Joseph Smith, ao amin'ny *History of the Church,* 4:570.
3. Joseph Smith, ao amin'ny *History of the Church,* 4:605, 606.
4. Lucy Mack Smith, ao amin'ny Relief Society, Minute Book Mar. 1842–Mar. 1844, entry for Mar. 24, 1842, Church History Library, 18–19.

### *Inona no Azoko Atao?*

**1.** Ahoana no fomba hanampiako ireo rahavavy izay iandraiketako mba hamolavola sy hanatratra "tanjona avo lenta?"

**2.** Inona no ataoko hahatonga ny fiainako "hiavaka sy ho feno hatsarana ary ho masina?"

Ho fanampim-pahalalana bebe kokoa dia mitsidiha ny www.reliefsociety.lds.org.

© 2011 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta teto Madagasikara. Fankatoavana ny teny Anglisy: 6/10. Fankatoavana ny fandikana: 6/10. Fandikana ny *Visiting Teaching Message, August 2011*. Malagasy. 09768 654